Mars 2012 - n°21 - Isaky ny telo volana

# NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

## La Voix des (rizi)pisciculteurs

LVRP

Trimestrielle

## EDITORIAL

Chers lecteurs,

Nous avons le plaisir de vous présenter le 21è numéro de LVRP. Ce numéro à thème met l'accent sur les impacts environnementaux du changement climatique. En effet, les petits alevins comme les gros poissons n'y échappent pas, et les producteurs nous font part de leurs préoccupations et de leurs recommandations.

Ce numéro a également reçu la participation de Monsieur RAKOTOMALALA Lucien Dédé, qui dirige l'association ASSPAMI de Miarinarivo. Il nous explique combien les producteurs d'alevins de la station d'Ambohidray Miarinarivo sont affectés, comme les autres professions, par les effets de la dégradation de l'environnement.

Nous verrons aussi dans la suite de ce numéro que la vulgarisation de la rizipisciculture, à travers le projet BVPI SE/HP en Amoron'i Mania et dans Vakinankaratra, ne laisse pas indifférent les autorités locales. L'adjoint au Maire de la Commune rurale de Kianjandrakefina et la Directrice des Pêches de Vakinankaratra nous ont gentiment proposé leur point de vue, et ont exprimé leur soutien quant aux activités menées dans ces régions.

La profession piscicole ne cesse de s'organiser ! La parole est donnée au groupement des producteurs d'alevins de Haute Matsiatra, qui nous présente une description de leur récente assemblée générale.

Une fois la fiche technique consultée, place au jeu ! Un nouvel espace ludique « mot croisé » fait son apparition dans LVRP. Nous remercions à cette occasion Madame Marcelle, Directrice des pêches du Vakinankaratra, pour son initiative à composer ce jeu informatif. La solution sera présentée dans le prochain journal. Alors tous à vos stylos et bonne lecture !

*L'équipe LVRP*

## SASINTENY

Ry mpamajy hajaina,

Mahafaly anay ny manolotra anareo indray ny LVRP. Laharana faha-21, izay manisy tsindrim-peo ny fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro eo amin'ny tontolo iainana. Araka izany, tsy afa-bela koa ny trondro ka manahy ireo mpiompy.

Faly mandray ny vahiny Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien Dédé isika anio, filohan'ny fikambanana ASSPAMI ao Miarinarivo Itasy. Manambara izy fa ny mpamokatra zana-trondro koa dia mizaka ny fiantraikany ratsy amin'izao fiovaovan'ny toetrandro izao.

Hohitanao ato koa ny fanehoan-kevitra sy ny fanohanan'ny Ben'ny tanàna lefitra ao Amoron'i Mania RAKOTOARISOA A. Roger sy ny Talen'ny jono ao Vakinankaratra mikasika ny asa fampandrosoana ny fiompiana trondro, ataon'ny tetikasa BVPI SE/HP.

Iarahantsika mahafantatra amin'ity gazety ity àry ny feon'ny avy ao Faritra Matsiatra Ambony momba ny zava-bita sy ny fifandaminana ho an'ny taona manaraka nandritran'ny Fihaonam-ben'ny APPAFI isan-taona.

Farany, rehefa avy mamaky ny fisy teknika ianao dia indro misy lalao vaovao ! mahaliana sady hahalalan-javatra ny "teny mirindra ambokovoko » izay sambany hiseho ato amin'ny LVRP. Isaorana manokana nikonokonona ho antsika izany lalao izany Ramatoa Marcelle RAHARIVELO Talen'ny Jono eto Vakinankaratra. Raha misy tsy fantatra ny valiny dia ho hitanao amin'ny gazety manaraka. Raiso àry ny penina sy mazotoa mamaky !

*Ny ekipan'ny LVRP*

## SOMMAIRE


• **INTERVIEW : P. 2**
Avec Monsieur RAKOTOMALALA Lucien Dédé

• **PARTAGE : P. 3**
ATSINANANA
Arretons de repousser au lendemain ...

•**PROFESSION PAYSAN P. 5**
HAUTE MATSIATRA
Assemblée générale des producteurs d'alevins

• **TÉMOIGNAGE : P. 8**
AMORON'I MANIA
La Commune Kianjandrakefina





*Fiompiana trondro Miaraka amin'ny tantsaha*

**APDRA**

**Pisciculture paysanne Antenne Madagascar**
**La Résidence sociale**
**Antsirabe-MADAGASCAR**
**Tel : (261) (20) 44 915 85**
**lvrp@apdra.org**


## NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

**Talen'ny fanoratana (Directeur de la rédaction) :**
Marc Oswald

**Tonia (Rédacteur en chef) :**
Rabarijaona Tsirihasina

**Mpanoratra (Rédacteurs) :**
Tantsaha (Les pisciculteurs)
Mpiara-miombon'antoka
(Les partenaires- organismes)
APDRA antenne Madagascar

**Sary (Photos) :**
APDRA antenne Madagascar

**Kisarisary (Illustration) :**
Randria Michel
Razafindrakoto Christian

**Fanitsiana sy dika teny (Correction et traduction) :**
APDRA Antenne Madagascar



## LES PARTENAIRES FINANCIERS

Projet BVPI/SEHP
AFD
La Fondation Air Liquide
Région Basse Normandie
Région AQUITAINE
La Fondation AnBer


Toerana fanontana : creacom - Tél : 44 498 45 - Ambohimena Antsirabe - Natonta ny : marsa 2012 - 1 100 isa - 1 100 exemplaires - Voapetraka ara-dalàna : marsa 2012

# NY HEVITRAO ?

# INTERVIEW

*Azo lazaina ho efa betsaka ny traikefa nananana ary efa taona maro no efa nikatrohana raha ny fikambanana « A.A.S.P.AM.I » no resahina, olana goavana anefa ny fiovaovan'ny toetr'andro. Indro ary ny resadresaka fohy niarahana tamin'ny Filohan'ny fikambanana, Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien Dédé izay isaorana nanaiky ho vahinintsika.*

*Une entrevue avec le Président de l'A.A.S.P.A.M.I, une association qui a longtemps opérée dans la production d'alevins, a été effectuée dernièrement pour parler des impacts du changement climatique sur la production d'alevins.*

**LVRP : Iza moa ny A.A.S.P.A.M.I ?**

Ny A.A.S.P.A.M.I na « Association des Agents de la Station Piscicole à Ambohidray Miarinarivo Itasy» dia fikambanana tsy miankina ivondronan''ireo mpiasa tranainy tao amin'ny tobim-piompiana sy famokarana zana-trondron'ny sampan-draharahan'ny Rano sy Ala ao Ambohidray Miarinarivo.
Niorina tamin'ny taona 2000 ny fikambanana ary miandraikitra ny fitantanana sy mikarakara ny toby, mitazona sy mamokatra zana-trondro Karpa sy Tilapia izay tsara karazana ary manaparitaka izany eny anivon'ny tantsaha, manentana sy manome torohevitra teknika ireo mpiompy trondro.

**LVRP : Inona no azonao lazaina, Tompoko, mikasika ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fiompiana trondro ?**

Zavatra roa no azontsika resahina :
-Raha ny ara-teknika no jerena dia toa niha-tsara ny vokatra satria raha ohatra ka 2500/reni-trondro/Kg ny taha-pahaveloman'ny zana-trondro ny taona 2005 dia lasa 6000/reni-trondro/Kg izany ny taona 2011. Ary manamafy izany koa ny resaka ataon'ny mpiompy trondro izay milaza ny fahatanjahan'ny zana-trondro izay alain'izy ireo eto aminay.
-Ny lafiny faharoa kosa dia hita fa tena niha-ratsy ny vokatra izay miankina be dia be amin'ny fiovan'ny toetr'andro. Ny antony dia noho ny fandripahana ny ala dia mihena ny rotsak'orana ka tsy ampy ny rano ampiasaina amin'ny fiompiana ; tsy fantatra intsony ny fotoana mampisy rano ka manjary sarotra ny mifehy azy ; tsy voafehy intsony ny hafanana izay tena zava-dehibe tokoa amin'ny fampiterahana trondro ka miantraika eo amin'ny vokatra :

Vokatr'izany, niharatsy araka izao ny vokatra :

| | 2000 | 2011-2012 |
|---|---|---|
| Fotoana fampanatodizana karpa | 7sept- febroary | 15 sept-janoary |
| Isan'ny zana-trondro lafo (Karpa) | 250 000 | 30 000 |
| Reni-trondro manatody | 100% | 67% |

**LVRP : Inona kosa ary ny Vahaolana entinareo miatrika izany ?**

Zavatra roa lehibe no azo resahina mikasika ny paikady izay apetrakay :
-Ampifanarahana amin'ny toetr'andro ny teknika sy ny programam-pamokarana na ho an'ny mpamokatra zana-trondro izany na ny mpanatavy. Entanina sy toroina hevitra ireo mpanjifa mba handefa mialoha ny komandiny.
-Fampiroboroboana ny fambolen-kazo. Ny A.A.S.P.A.M.I dia miara – miasa akaiky amin'ny ministeran'ny ala ary manana toerana famokarana zana-kazo (2011-2012 : 45.000 ny isan'ny zana-kazo novokarina sy naparitaka).

**LVRP : Inona no hafatra azonao omena ny mpamaky sy ireo voakasika?**

-Tokony hiezaka ny mpiompy trondro mba hanara-penitra ny fiompiany .
-Tokony hanaraka ny torohevitra teknika izay entin'ireo teknisianina eny fa na dia efa ela nikatrohana tamin'io lalam-pihariana io aza ianao satria ny famokarana tamin'ny taona 1960 tsy mitovy ny amin'izao fotoana izao intsony
-Tokony hapetraka ny lalam-pihariana trondro eto amin'ny faritra Itasy.

**LVRP : Qu'est-ce que l'A.A.S.P.A.M.I ?**

A.A.S.P.A.M.I ou « Association des Agents de la Station Piscicole à Ambohidray Miarinarivo Itasy » regroupe les anciens employés de la Station Piscicole du Service des Eaux et Forêts à Ambohidray Miarinarivo. Créée en 2000, elle assure la gestion et l'entretien de la station, le maintien de bonnes souches de poisson et la production d'alevins de carpe et de Tilapia. De ce fait, elle assure l'approvisionnement en alevins et donne des conseils en grossissement aux pisciculteurs.

**LVRP : D'après votre expérience, que pouvez-vous nous dire sur le changement climatique et la production d'alevins ?**

Du point de vue technique, notre production s'est beaucoup améliorée puisqu'en 2005, elle est de 2500 carpillons viables par femelle, alors qu'en 2011, elle a augmentée à 6000 carpillons viables par femelle. De plus, d'après nos clients, nos alevins sont devenus plus résistants. Cependant, suite à la diminution de la précipitation, conséquence de la déforestation, on n'arrive plus à gérer l'eau comme il se doit. Aussi la maîtrise de la température, un facteur essentiel de la reproduction chez les carpes devient très difficile.

En conséquence, la production a beaucoup baissé ces dernières années :

| | 2000 | 2011-2012 |
|---|---|---|
| Calendrier de reproduction | 7 sept- fev | 15 sept-jan |
| Nombre de carpillons vendus | 250 000 | 30 000 |
| Taux de réussite de ponte | 100% | 67% |

**LVRP : Quelles solutions proposez-vous pour résoudre ces problèmes ?**

Deux actions peuvent-être menées :
-Adapter et caler le calendrier et les techniques de production par rapport au contexte existant que ce soit pour les producteurs d'alevins ou les grossisseurs. Sensibiliser et conseiller à la clientèle de passer leur commande à l'avance.
-Continuer et renforcer le reboisement. L'A.A.S.P.A.M.I collabore avec le Ministère des Forêts par la mise en place d'une pépinière. En 2011 - 2012, nous avons produit et diffusé 45 000 plants.

**LVRP : Quels messages avez-vous pour nos lecteurs et pisciculteurs?**

**-**Les pisciculteurs doivent faire des efforts pour améliorer leur production
-Il est toujours raisonnable de suivre l'évolution des techniques de production car la pratique piscicole en 1960 n'est plus la même qu'aujourd'hui.
-Une plateforme pisciculture doit être mise en place dans la Région Itasy.

ATSINANANA

## AZA MANGATAKA ANDRO...

*RAZANATSIAVA Bernadette- Pisciculture*
*Sandranentana- Fokontany Ambatoroka*

*Efa ho roa taona izao no niompianay sy ny vadiko trondro. Tao anatin'izay roa taona izay dia tena mahatsapa izahay fa misy fiovaovana ny toetrandro tato ho ato.*

Matetika mafana be tampoka nefa zara fa misy ny orana. Ary rehefa fotoan'ny orana sy ny fandalovan'ny rivodoza kosa dia lasa oram-be mivatravatra ka tondraky ny rano ny toerana iva rehetra.
Ny voka-dratsin'izany fiovan'ny toetrandro izany anefa dia mipaka hatrany amin'ny fiompiana trondro ataonay. Tranga tsy ela akory, nony doro tanety nataon'ny sasany izay nandripaka ireo atiala maro manamorina ny dobo trondronay dia lasa ngazana izay tsy izy ny tany. Nampian'ny hafanam-be izany ka tonga ritra ny ranontany izay mamatsy ny dobo. Vokatr'izany, kely ny rano nefa mbola nodanian'ny hainandro koa ka maty avokoa ny zana-trondronay.

Mme Bernadette

Tamin'izay fotoana izay no nahatsapanay fa ny vahaolana sy fepetra azonay aroso entina hanenana ireo vokatra ratsy entin'ny fiovan'ny toetrandro amin'ny fiompiana trondro dia ny fikajiana ny tontolo iainana ihany. Izany hoe ny fanajanonana tsy misy atak'andro ny fanaovana doro tanety. Eo ihany koa ny fambolena zanakazo eny amin'ireny toerana nolalovan'ny doro ala ireny. Izahay eto amin'ity faritra misy anay ity zao dia efa manomboka amin'izany, ka manentana antsika mpiompy trondro namana rehetra hanao toy izany koa.

ATSINANANA

## ARRETONS DE REPOUSSER AU LENDEMAIN ...

*Cela fait presque deux ans que moi et mon mari sommes dans la pisciculture. Et tout au long de ces deux ans, on a pu constater des changements climatiques surtout ces derniers temps.*

Des fois, il fait très chaud avec presque pas une seule goutte de pluie. Pourtant, en période de pluie et de saison cyclonique, elle est très abondante et tous les bas fonds sont inondés.
Ces effets néfastes du changement climatique affectent aussi la pisciculture. Un fait s'est produit il n'y a pas longtemps. Certains gens ont provoqué un feu de brousse qui a causé la destruction de toutes les forêts qui recouvrait les coteaux autour de notre étang. Résultat, le sol s'est défraichit. Et la température qui n'arrêtait pas de s'accroitre a tari l'eau qui alimente notre étang. Ainsi, le peu d'eau qui y restait dedans s'est réchauffée et a causé la mort de tous nos alevins.

C'est à ce moment qu'on a compris que la seule solution qu'on peut avancer afin de diminuer les impacts du changement climatique sur la pisciculture, c'est de préserver l'environnement. C'est-à-dire éradiquer sans plus attendre la pratique des feux de brousse. Ce qui implique de faire du reboisement sur les lieux carbonisés. Nous nous sommes déjà, dans notre quartier, engagés dans cette voie et nous vous incitons tous, chers amis pisciculteurs, à faire autant.

FAHOMBIAZANA

## AMORON'I MANIA

*ZARANOMENJANAHARY*
*Mpiompy trondro.Pisciculture*
*Antsapanana-Kaominina Ambondromisotra*

SUCCES

*Mpivarotra mofo sy kafe no asako. Sendra nisotro kafe teto amiko ny teknisianina no nahalalako ny APDRA. Rehefa nazava tamiko ny asan'ny tetik'asa dia tsy mba nisalasala aho fa tonga dia niantso ny havako hanao ity fiompiana karpa an-tanimbary ity*.

Nifanojo tamin'ny fiofanana famokarana zanatrondro tamin'izay, renitrondro iray no nitambaranay sy ny anadahiko hampanatodizana; ary dia nahomby ny fampanatodizana, nifampizaranay mianakavy ny zanatrondro, ary dia 1600 no mba anjarako satria maromaro izahay. Rehefa tonga ny fotoana hivarotana ny zanatrondro dia nivarotra miisa 1035 aho ka nahazoako vola 251 000 ar. Akory ny hafaliako satria afaka nividy bisikileta ho an-janako aho satria somary lavitra ny tananay ny sekoly ianarany.Nohatsaraiko ny fitaovana fivarotana mofo sy kafe nividy terimosy Zanatrondro miisa 300 no mba nohataviziko amin'izao, fa ny tena tanjoko amin'ny taona manaraka dia tena hamafisiko ny fahaiza-manao eo amin'ny sehatry ny famokarana zanatrondro. Amiko moa dia fialam-boly mahafinaritra ny miompy trondro.

*Je tiens une gargote. Un jour un technicien de l'APDRA est passé se restaurer dans ma gargote. Ce dernier m'a expliqué l'activité de l'APDRA. Après notre conversation, j'étais très intéressé par la pisciculture, j'incitais donc ma famille à faire la rizipisciculture.*

Mon projet a coïncidé avec une formation de production d'alevin dispensée dans le fokontany. Moi et mon frère avons élevé un géniteur, la mise en pose a réussi, on a pu à la fin se repartir les alevins produit : ma part était 1600 alevins.
J'ai vendu 1035 alevins et j'ai obtenu une recette de 251 000 Ar. J'étais très contente car grâce à cet argent, j'ai pu acheter un vélo pour mon fils car l'école se situe un peu loin du village, et un thermos pour améliorer ma petite gargote.
J'ai actuellement mis en grossissement dans mon étang 300 alevins, et j'envisage de renforcer ma capacité technique sur la production d'alevin pour l'année prochaine.
La pisciculture est devenue une passion pour moi.

**ATSINANANA**

## NY FIOVAN'NY TOETRANDRO ETO MADAGASIKARA: NY FITRANGANY SY NY TOKONY ATAO

*Taona maro izao no nahatsapan'ny be sy ny maro ny fiovan'ny toetrandro izay tsy toerana na firenena iray ihany no voakasiny fa efa izao tontolo izao mihintsy aza.*

Nahoana tokoa moa no ahafahantsika manambara hoe misy izany fiovan'ny toetrandro izany ? Avy amin'ny fandinihana ny maripanan'ny atmosifera ataon'ireo manam-pahaizana maneran-tany no nahalalana fa miha-miakatra izany maripana izany isan-taona.

Miakatra ny hafanan'ny tany noho ireo setroka sy entona ateraky ny fandrosoana, miampy ny doro ala sy tanety. Izany no niteraka fikorontanana sy fiovana maro eo amin'ny toetrandro.

Toy ny mahazo ireo faritra maro maneran-tany ihany ny mahazo ny Nosintsika. Ao ny fiakaran'ny marimpana, ny fihenan'ny rotsakorana amin'ny faritra maro. Misy fahatarana ny fanombohan'ny orana amin'ny taom-pahavaratra, nefa matetipitranga ny oram-be latsaka ao anatin'ny fotoana fohy. Mitombo isa ihany koa ny rivo-doza mahery vaika mahakasika an'i Madagasikara na dia tsy miova aza ny salan'isan'ny rivodoza mandalo amin'ny ankapobeny. Ary hita taratra ihany koa ny fisondrotan'ny haavon'ny ranomasina.

Des bouchons végétaux apportés par l'inondation

Noho izany, hisy fikorontanana ny taom-pambolena ka hiharatsy ny vokatry ny fambolena amin'ny ankapobeny
- Hirongatra ny bibikely mpanimba voly
- Mora kokoa ny hitrangan'ny doro ala sy doro tanety
- Hihena ny tahirin-drano
- Tsy haharaka ny filàna ny famokarana herin'aratra avy amin'ny rano
- Ho kaofin'ny rano ny nofon-tany noho ireo rotsakorana be loatra

Mba hiatrehana izany dia voalohany, ny fiadiana amin'ny doro ala sy ny doro tanety. Misy fiantraikany amin'ny toetrandro mantsy ny fisian'ny ala sady manampy amin'ny fanadiovana ny rivotra iainana ihany koa. Manarak'izany ny famolavolana drafitra maty paika hiatrehana ny mety ho voka-dratsin'ny izany fiovana toetrandro izany. Eo koa ny fampiasana angovo vaovao tsy mila solika, azo avy amin'ny rivotra, masoandro, rano, … Ary ny fampifanarahana ny zavatra atao sy ny foto-drafitrasa amin'izay mety ho fiovan'ny toetrandro izay.

Loza mitatao amin'ny firenentsika ny fahitana taratra sahady eto ireo fiantraikan'ny fiovan'ny toetrandro ireo. Ny sehatry ny jono dia anisany voakasika akaiky amin'izany. Entanina manokana ary isika mpiompy trondro isam-paritra handray ny andraikitra tandrify azy manoloana ny fanenana ny vokadratsy entin'ny fiovana toetrandro.

## LE CHANGEMENT CLIMATIQUE A MADAGASCAR: SYMPTOMES ET MESURES

*Monsieur Lucien RASOLOFOMANANA*
*Chef de Service Interrégionale de la météorologie*

*Cela fait plusieurs années maintenant qu'on a pu constater des changements dans le climat, changements qui ne sont pas spécifiques à un endroit ou un pays, mais qui concerne l'ensemble du globe terrestre.*

Comment peut-on affirmer qu'il y ait changement climatique ? C'est d'après l'observation et l'analyse de la température de l'atmosphère que font les spécialistes à travers le monde, qu'on a su que chaque année, la température a tendance à s'accroïtre.

La terre se réchauffe notamment à cause des gaz produits par l'évolution industrielle et par les feux de brousse. Ces feux même qui font que de nombreuses perturbations du climat sont observées.

A Madagascar, ce qui nous arrive actuellement est un peu près identique à ce qui se passe dans le monde entier. Il y a l'augmentation de la température et la baisse des précipitations dans beaucoup de régions. L'arrivée de la saison de pluie est retardée, pourtant il y a souvent de pluies abondantes qui tombent dans un laps de temps très court. Les tempêtes tropicales et les cyclones qui passent par Madagascar s'intensifient et se multiplient, même si en moyenne, le nombre annuel ne change pas significativement. On constate aussi une hausse du niveau de l'océan.

Comme impact :
- il y aura des perturbations dans le calendrier cultural.
- Augmentation possible des parasites ou des insectes ravageant les plantations
- La propagation des feux de brousse est très favorable
- Baisse de réserve d'eau en général
- Insuffisance de la production d'électricité d'origine hydraulique
- Les pluies abondantes créeront des érosions partout

Face à cela, d'abord, on devrait combattre les pratiques de feux de brousses, car la présence de forêts apporte des effets bénéfiques à notre atmosphère. Ensuite, il y a l'élaboration de stratégies adéquates pour surmonter les effets néfastes que peuvent apporter ce changement. Il y a aussi l'emploi des énergies renouvelable produites par le vent, le soleil ou l'eau… Et enfin, on devrait adapter nos projets et les infrastructures existantes aux éventuels changements du climat.

Le fait de percevoir déjà chez nous des impacts du changement climatique est un danger qui menace notre pays. Le secteur pêche fait parti des victimes. Incitons alors tous les pisciculteurs de toutes les régions à prendre en main leur part de responsabilité afin de diminuer les impacts du changement climatique.

**HAUTE MATSIATRA**

## FIVORIAMBEN'NY FIKAMBANANA APPAFI

## ASSEMBLEE GENERALE DE L'APPAFI

*Henri Charles- Vice Président APPAFI*
*Bevolana Alakamisy Ambohimaha*
*Sy Tsiresy Apdra Matsiatra Ambony*

*Notanterahina ny 29 febroary 2012 tao amin'ny renivohitr'i Matsiatra ny fivoriam-ben'ny APPAFI. Tao ny mpikambana mpampiteraka isaky ny Distrika 05 dia Lalangina, Vohibato, Isandra, Ambohimahasoa, Ambalavao, mpanatavy ary ny mpanarato. Nasaina ireo lehiben'ny sampan-draharaha toa ny DRP, DRDR, DIREL, FRDA, AROPA, Radio MAMPITA, TRANOBEN'NY TANTSAHA, APDRA, MVPT, VONISAHI sy ireo tsy voatonona.*

Zava-dehibe eo amin'ny fiainan'ny Fikambanana ny fanatanterahana ny fivoriam-be satria io no fotoana filazana ny tatitra ara-bola, arak'asa. Notsindriana manokana ny fiaraha-miasa tamin'ny SAHA sy ny foara ary ny tatitra ara-bokatra isaky ny distrika miampy ireo hetsika nandraisana anjara nandritra ny taona.

Maro ireo fanapahan-kevitra lehibe noraisina ho an'ny taona diavina mikasika ny drafitr'asa, ny fiofanana famerenana –fameno, ny paik'ady ara-barotra ary ny fanatsarana ny fampitaovana ho an'ny tekinisianina narahin'ny olana sy ny famarotana zanatrondro tsy ara-dalana ataon' ireo tsy nahazo alalana ary ny fivarotana zana-trondro an-drenirano noharatovina.

Henri, présentant le kitus de vente d'alevins aux membres

Nohamafisin'ny talem-paritry ny jono fa ny tanjona hotratrarina dia 2500 t izay mifanaraka tsara amin'ny politikan'ny Ministera. Nantintranteriny manokana ny fanamafisana sy ny fanazavana ny lalàna mifehy ny jono sy ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny toa ny lehiben'ny distrika, ny ben'ny Tanana, ny zandary.
Nazavaina tsotsotra ny tetik'asa PARRUR iarahana amin'ny APDRA sy ny FOFIFA izay hatao eto amin'ny Faritra Matsiatra ambony tsy ho ela.

*Comme il est d'usage chaque année, les membres de bureau de l'APPAFI ont organisé une assemblée générale le 29 Février dernier. Les présidents de groupements de producteurs d'alevins, sont venus assister à cette assemblée générale, tout comme les représentants des membres des 5 Districts de Lalangina, Vohibato, Isandra, Ambohimahasoa et d'Ambalavao. Etaient aussi invité à assister à cette AG les différentes associations de pêcheurs et les grossisseurs.*

Etant donné la collaboration importante entre les différents acteurs, l'APPFI à également eu l'immense honneur d'inviter les partenaires et représentants des entités comme DRPRP, DRDR, DIREL, FRDA, AROPA, MAMPITA Radio, Chambres de l'Agricultures, APDRA, MVPT, VONISAHI, etc... qui ont d'ailleurs répondu présent.

L'organisation d'une telle assemblée occupe une place importante de la vie associative, notamment parce qu'elle assure l'évaluation des activités précédentes. Elle souligne aussi la collaboration avec Saha et la participation aux diverses foires, ainsi que toutes les prises de décisions à venir telles que le plan de travail annuel, le recyclage, la stratégie de vente des alevins, l'équipement des techniciens, le suivi des problèmes rencontrés, la vente informelle ou la pêche continentale.

Le Directeur Régionale de la pêche à confirmé lors de cette AG que l'objectif à atteindre pour l'année 2012 sera de 2500 Tonnes de poissons produites, et qu'il faudra les écouler sur le marché, ce qui correspond bien à la politique actuelle du Ministère.
L'arrivée du stagiaire de FOFIFA à d'autre part été résumé, par le biais de l'APDRA, par l'étude de la génétique des poissons dans le projet PARRUR.

**ATSINANANA**

## FIOVAN'NY TOETRANDRO: TSY AFA-BELA IREO TRONDRO

*Taona maromaro izao no henontsika manerana ny boriboritany ny hika mahakasika ny fiovaovan'ny toetrandro. Voakasik'izany avokoa ny rehetra izay fototra mahatonga azy sy manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiadiana amin'ny fitomboan' isan'ireo voka-dratsy entiny amin'ny tontolo iainanana.*

Tsara marihina aloha fa ny fiovaovan'ny toetrandro, antsoina ihany koa fiakaran'ny hafanan'ny tany dia toe-javatra mampiseho ny fiakaran'ny tahan'ny maripanan'ny ranomasina sy ny rivotra iainana. Efa nandritra ny enimpolo taona izao no tsikaritra izany.

Mitondra faisana ny tontolo iainana manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro. Afaka fotoana fohy dia hiatrika ny fahariganan'ireo biby sy zava-maniry isika. Ary amin'izay mahakasika ny biby izay, ny jono dia tafiditra amin'ireo sehatra ara-toekarena anisan'ny mijaly noho ny fiovan'ny toetrandro. Marihina fa ny ankamaroan'ny biby miaina anaty rano dia manana rà mangatsiaka. Noho izany ny firindran'ny toe-batany dia misy hifandraisany betsaka amin'ny toetoetry tontolo iainany. Ny fiakaran'ny maripana dia misy fiantraikany amin'ny vanim-potoana fiterahan'ny trondro, ny hafainganan'ny fahatomombanana ara-pananahana, ny fotoana hanatodizany sy ny halebean'ny atody. Azo ambara ihany koa fa ny fiovan'ny toetrandro dia manimba ny fahamatoizana izany hoe ny ambaratongam-pivoaran'ny zanatrondro ho tonga trondro lehibe afaka manaranaka.




Manoloana ny fanenana ny voka-dratsy ateraky ny fiovan'ny toetrandro izany, ny APDRA Fiompiana trondro miaraka amin'ny Tantsaha dia efa nandray ny andraikiny sahady amin'ny fanentanana ny fametrahana ny fomba fiompiana trondro ara-boajanahary izay atao amin'ny dobo barazy. Teknika izay sady mety eo amin'ny lafiny sosialy sy toekarena aty amin'ny faritra Atsinanan'ny Nosy. Afaka mampikatra ny rano ambany tany rahateo izy ary mampitombo noho izany koa ireo faritra voatondraka.
Nolazaina teo izay ary ireo zava-doza maro ateraky ny fiovaovan'ny toetrandro. Ary amin'ny maha zava-dehibe loatra izany no ahafahana miteny fa herim-po very maina raha ny vitsy an'isa na ampahany amin'ny mponin'izao tontolo izao no hiady hanohitra azy. Noho izany dia hiaraka isika rehetra. Isika mpiompy trondro izay tsy vitsy, raha vonona avokoa dia tsy azo tsinontsinoavina velively ny ezaka.

## CHANGEMENT CLIMATIQUE : LES POISSONS NE SERONT PAS ÉPARGNÉS...

*HARIMAMPIONONA Lenny- APDRA Atsinanana*

*Ces dernières années, on entend dans tous les coins du globe des cris d'alerte sur le changement climatique. Tout le monde est concerné. Et tout le monde joue un rôle clé à la fois dans sa cause, mais aussi dans la lutte contre l'aggravation des ses effets sur l'environnement.*

Rappelons tout d'abord que le changement climatique, également appelé réchauffement global (ou planétaire), est un phénomène d'augmentation des températures moyennes des océans et de l'atmosphère le la planète. Cela est observé depuis une soixantaine d'années.

L'environnement est l'une des principales victimes de ce changement climatique. D'ici peu, on sera confronté à l'extinction d'une partie de la faune et de la flore. Et en parlant de faune, il faut également savoir que la pêche fait partie des activités économiques qui souffrent le plus du changement climatique. Notons que la majorité des animaux aquatiques sont à sang froid. Ainsi, le rythme de leurs métabolismes est fortement affecté par les conditions environnementales. La hausse des températures peut avoir un effet important sur le cycle de reproduction du poisson, sur la vitesse à laquelle celui-ci atteint sa maturité sexuelle, sur les périodes de ponte et sur la taille des œufs. Aussi, il y a de fortes probabilités que le changement climatique altère l'abondance et le « recrutement », c'est à dire, le processus qui marque l'entrée des poissons juvéniles dans la population adultes fertiles et exploitables.

Face aux risques qu'entraine le changement climatique, l'APDRA Pisciculture Paysanne s'est déjà engagée à prendre sa part de responsabilité en vulgarisant le système d'élevage en étang barrage. Cette technique est non seulement favorable sur le plan socio-économique de la Côte Est de l'Ile mais permet aussi de remonter le niveau de la nappe phréatique, tout en augmentant les périmètres irrigués.

Ainsi sont les risques du réchauffement climatique. Et ils sont si importantes que les combattre à petit échelle serait peine perdue. Mobilisons alors le maximum de personnes ! Si déjà nous tous, pisciculteurs, se mettent dans les pratiques agro-environnementales, notre action ne sera pas négligeable.

ITASY

# CRFPA ILOFOSANA ANTANETIMBOAHANGY

*Ivon-toerampiofanam- paritra iray vokatry ny fiaraha-miasan'ny faritr' Itasy sy Aquitaine avy any Frantsa ny CRFPA Ilofosana. Ao Antanetimboahangy, Analavory Faritra Itasy no misy azy. Toeram-piofanana efa niorina tamin'ny taona 1950 (Ecole Régionale) no navaozina hifanaraka amin'ny toetr'andro mba ahafahana mamaly ireo filàna mahakasika ny fiofanana amin'ny tontolo ambanivohitra.*

*Le Centre Ilofosana a été fondé grâce à une coopération entre la Région Itasy et la Région Aquitaine. Il est situé à Antanetimboahangy, Commune Analavory. La rénovation d'une ancienne école régionale (datant de 1950) a permis de fournir les bâtiments du CRFPA. Il a pour objectif de dispenser des formations répondant aux besoins et attentes en milieu rural.*

CRFPA Antanetimboahangy Analavory Itasy

Fanolorana fiofanana mifanaraka amin'ny fivoaran'ny toetrandro mba hahamatihanina ireo mpisehatra amin'ny tontolo ambanivohitra no tanjon'ny CRFPA. Ny taona 2011 dia olona 561 no efa nandrato fiofanana tao. Fiofanana tao anatin'ny fotoana fohy (3 - 5 andro) mifanaraka amin'ny lohahevitra maro izay niarahana tamin'ireo mpiara-miombon'antoka no natolotra tamin'izany raha toa ka, fiofanana maharitra ho an'ireo tanora hiantoka ny famokarana eny ambanivohitra no tena antom-pisian'ny CRFPA. Mifantoka amin'ny fampiharana sy fifanomezan-danja ny traikefa ny fampitana ny fiofanana. Misy toeram-pamokarana natokana anaovana fampiharana mandritry ny fiofanana ao amin'ny CRFPA, toy ny dobon-trondro hita eto amin'ny sary izay iarahana mitantana miaraka amin'ny APDRA.

Natao mifanaraka amin'ny zavamisy eny amin'ny tontolo ambanivohitra ny fitaovana ampiasaina amin'izany mba ahafanan' ireo mpiofanana manao ny fampiharana avy hatrany aorian'ny fiofanana. Misy ihany koa ny tantsoroka iarahana amin'ireo mpiara - miombon'antoka amin' ny fanaraha-maso aorian' ny fiofanana.

Efitrano fiofanana roa, efitrano fandriana telo mahazaka mpiofana 60 indray miditra ary efitrano fisakafoana iray mahazaka olona 120 no foto-drafitrasa natao andraisana ireo mpiofana. Afaka mandray fivoriana sy atrik'asa koa noho izany ny CRFPA, ary misokatra ho amin'ny fiaraha-miasa rehetra.

En 2011, 561 personnes ont pu bénéficier des formations de courte durée (3 à 5 jours) correspondant aux thèmes proposés par les partenaires. Cependant, le Centre a été créé pour dispenser des formations continues aux jeunes acteurs de développement rural.

Les modules sont surtout basés sur la pratique et l'échange. Des parcelles ont spécialement été aménagées pour les formations pratiques, tels les bassins piscicoles présentés sur les photos.

En ce qui concerne les formations théoriques, 2 salles

Les bassis piscicoles aménagés par l'APDRA pour la formation sur la pisciculture au CRFPA

peuvent être utilisées ; pour accueillir les participants, 3 dortoirs pouvant héberger 60 personnes sont disponibles, et une salle à manger peut également recevoir jusqu'à 120 personnes. Hormis les formations, le centre peut recevoir des ateliers et/ou des réunions. Il est en fait ouvert à tous, suivant les offres de collaboration.

## AMORON'I MANIA

# NY KAOMINA KIANJANDRAKEFINA

*RAKOTOARISOA Armand Roger*
*Ben'ny tanàna lefitra, Tomponandraikitry ny fampandrosoana*
*Adjoint au maire, Responsable du volet développement*

*Faly miarahaba antsika tratry ny taom-baovao 2012. Miara-miasa amin'ny BVPI ny kaominina Kianjandrakefina. Tafiditra ato ihany koa ny APDRA ny taona 2011 ary efa mandalo fiofanana sy fanentanana.*

Avy hatrany dia nirotsaka tamin'ny fiompiana matianina nanomboka ny volana Jiona 2011. Niroso ny dia ka nampiditra renitrondro zary lasa mpampiteraka ny volana Novambra sy Desambra ary lasa mpanatavy ankehitriny.
Ny tiana hambara dia izao: mihazakazaka ny fiasan'ny teknisianin'ny APDRA, ny tantsaha koa tsy dia sarotra entanina, satria efa mahazo tantsoroka tao amin'ny BVPI. Koa dia tsy ho hainay ny tsy hisaotra sy tsy hankasitraka ny BVPI tamin'ny anaran'ireo sokajin'asa miara-miombon'antoka ao dia ny BEST, SDMAD, AVSF Ramilamina, Génie rurale indrindra ny APDRA izay miezaka mafy amin'ny fampivoarana ny tantsaha ho matihanina amin'ny fiompiana trondro karpa.

**M.Roger avec son géniteur de carpe au milieu de ses parcelles rizipiscicoles**

Ho setrin'ireo ezaka tombanana amin'ireo tetik'asa tafiditra ato amin'ny Kaominina dia mikasa ny hanao tsenabe (foara) isika amin'ity taona 2012 ity hampirantiana sy hivarotana ireo vokatra misy sy ampidirina aty amin'ny kaominina.
Dia mirary koa raha mirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa BVPI II mba ho antoky ny fahombiazana.

*J'adresse d'abord tous mes meilleurs vœux 2012 à tous...*
*Comme vous le savez, la Commune Rurale de Kianjandrakefina collabore avec le projet BVPI. En 2011, l'équipe de l'APDRA s'intègre au projet et commençait les animations et octroyait des formations sur la pisciculture à nos paysans.*

Le mois de Juin 2011 dernier, les paysans commençaient à élever des géniteurs, puis à faire la mise en pose.
Les mois de Novembre et Décembre ont quand à eux été dédiés au grossissement des poissons.
Pour tout dire, la stratégie des techniciens de l'APDRA est très efficace, et grâce aux appuis de BVPI, les paysans sont faciles à sensibiliser.
Nous remercions le projet BVPI et son action dans les différents secteurs, en partenariat avec BEST, SDMAD, AVSF Ramilamina, le Génie rurale, et sans oublier l'APDRA qui consacre son effort sur la professionnalisation de l'élevage de la carpe.

En contrepartie, vu les résultats attendus du projet qui intervient dans cette Commune, nous envisageons de préparer une grande foire pour cette année 2012. Ce sera une occasion de présenter nos produits locaux au public et de rechercher des débouchés.
Je souhaite que la collaboration avec le BVPI continue longtemps et avec succès.

## TENY MIRINDRA AMBOKOVOKO

| | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| A | | | | | | | | ■ | | |
| B | | | ■ | ■ | | ■ | | | ■ | |
| C | | | | | | | | ■ | | |
| D | | ■ | | | | | ■ | | ■ | |
| E | | | | | ■ | | | | ■ | |
| F | | | | | | | | | | |
| G | | ■ | | | ■ | | | | | ■ |
| H | ■ | | | ■ | | | ■ | ■ | | |
| I | | | | | | | | | | |
| J | | | | ■ | | | | ■ | | ■ |
| K | ■ | | | ■ | | | | | ■ | |
| L | ■ | ■ | | | | ■ | | | | |

**A: biby fiompy**
**B: manaiky - mampisafidy**
**C: maniry amin'ny mandomando**
**D: zanatsoratra**
**E: sarobidy - sakafon'ny Malagasy**
**F: sakafo trondro**
**G: zanaka vezo - ao amin'ny baiboly**
**H: maniry-hafatra tsara - zanatsoratra**
**I: fahavalon'ny trondro**
**J: tsy anao - heloka - mampitohy**
**K: eny - trondro avy any Ambatondrazaka**
**L: hazo maro- biby fiompy manana ny lanjany amin'ny malagasy**

---

**1: trondro misy eto Madagasikara**
**2: manondro akaiky - farateny matoanteny frantsay-trondro**
**3: ampiana kely dia karazana trondro - mampamokatra voly nefa mampamokatra vary**
**4: amboleo**
**5: tononandro - tsy amidy fa**
**6: sakafo tena Malagasy**
**7: manontany (bl) - manome hafanana - toerana iveloman'ny trondro**
**8: manondro akaiky - laharana**
**9: dadany**
**10: trondro vahiny nefa misy eto Madagasikara**

**Ho hitanao tsy ho ela amin'ny gazety manaraka ny valiny.Mazotoa !**

VAKINANKARATRA

## TSY KISENDRASENDRA NY VOKATRA MAHAFA-PO

## LA PERFECTION N'ARRIVE PAS AU HASARD

*Marcelle RAKOTOARIVELO*
*Talem-paritry ny jono*
*Directrice Régionale de la pêche*

*Maro ny mihevitra fa ny trondro dia tonga ho azy ao an-tanimbary ka tsy ilaina ny mampiditra zanatrondro ; eny mety misy ihany trondro entin'ny rano tonga ao an-tanimbary saingy tsy dia maro sady karazan-trondro tsy dia mahery mitombo.*

Ny tantsaha Malagasy dia zatra mihary biby fiompiana ary mitady hatrany izay karazany haingam-pitombo sy tsara endrika sy tsara tsiro ary tsy ambakain'izany ny fiompiana trondro.

Tsara ny mahafantatra fa tsy misy zavatra tonga lafatra tongatonga ho azy izany fa raha te hanan-javatra tsara dia ny mampiditra zana-trondro manara-penitra no tsara indrindra. Ny tsy fahalalana matetika no manakana antsika tsy hivoatra. Koa fantaro ary fa raha miompy trondro manara-penitra izany hoe manatavy trondro an-tanimbary ianao dia sady hahazo vary no hahazo laoka rehefa fararano.

Aiza hoy ianao no ahitana zana-trondro manarapenitra?

Manatòna ireo mpamokatra zana-trondro akaiky anao indrindra ary mangataha fanazavana na fanampiana, raha tsy misy moa eo an-toerana dia manantona ny Sampandrarahan'ny jono sy ny fiompiana anaty rano fa afaka hanampy anao izy.

**Une réunion de bilan de mi-campagne alevinage avec la participation de Mme Marcelle- Andriamasoandro Betafo**

HO ANAREO izay efa manao ny fiompiana trondro, eny mamokatra zana-trondro mihitsy aza dia mampahery anareo ny tenako sy izahay ato amin'ny DRPRH na Sampandraharaha misahana ny jono sy ny fiompiana anaty rano.

Araho ny torohevitra sy fiofanana rehetra azonareo, fa izany ihany no antoky ny fahombiazanareo. Ialao ny fomba tsy mahomby izay hita fa tsy mahasoa.

Tsy vao ela akory no niarahana tamin'ireo mpiompy trondro avy eny Inanantonana, Miarinarivo ary Andriamasoandro sy Vinaninkarena izay liana tokoa amin'ny fiofanana sy toro hevitra isankarazany omen'ny APDRA ao anatin'ny tetikasa BVPI SE/HP, mahereza eh ary mahavokara fa ho fianarana ho an'ny hafa ianareo rehefa kelikely.

Dia mampahery koa ny ekipan'ny APDRA, mahereza eh !

*Il est facile de penser que les poissons viennent naturellement dans la rizière, et qu'il n'est plus nécessaire de l'empoissonner en alevins. Parfois, les poissons sont apportés par l'eau dans la rizière, mais ce phénomène s'effectue généralement en nombre insuffisant, et ce sont souvent des espèces à faible croissance.*

Les paysans Malgaches ont l'habitude d'élever et de chercher les espèces à forte croissance, ayant également une bonne esthétique et un goût culinaire prononcé, ce qui est aussi vrai dans le domaine de la pisciculture.

Il est bien de rappeler que la perfection n'arrive pas au hasard, et si on veut avoir quelque chose de bien, le meilleur c'est d'empoissonner des alevins de qualité. C'est parfois l'ignorance qui nous empêche de progresser... Souvenez- vous que si on pratique la rizi-pisciculture suivant certaines normes de grossissement en rizière, on obtient une bonne récolte de riz et de beaux poissons.

Où peut-on trouver des alevins de qualité me demandez-vous ?

Contactez l'alevineur le plus proche de chez vous et demande lui conseil ou de l'aide. Si il n'y a pas d'alevineurs a proximité, vous pouvez vous renseignez au service des pêches, il peut vous aider.

Pour vous qui êtes déjà pratiquant, et même alevineurs, je vous encourage et vous transmets le soutien de la Direction Régionale de Pêche et de Ressources Halieutique (ou DRPRH).

Suivez et appliquez les conseils et la formation que vous avez déjà reçus, car ce sont les seules garanties de votre réussite. Evitez et abandonnez les mauvaises habitudes qui sont à la fois inefficaces et non bénéfiques.

Il y a peu de temps, j'ai rencontré les pisciculteurs d'Inanantonana, de Miarinarivo, d'Andriamasoandro et de Vinaninkarena, qui sont très intéressés par la formation et les divers conseils donnés par APDRA dans le projet BVPI SE/HP. Je les encourage et leur souhaite une bonne réussite, que cette activité serve bientôt de leçon pour les autres. Nous encourageons aussi toute l'équipe de l'APDRA.

**VAKINANKARATRA**

*RAKOTONDRABE Martin*
*Président de fokontany*
*Morafeno Mahatsinjo-Mandritsara - Périmètre landratsay*

## NY FIOMPIANA TRONDRO

Ry mpiompy eto Gasikara
Ity misy resaka mahasoa tiako hambara
Ny fiompiana karpa any an-tanimbary
Dia tena mahasoa sy tena mahafaly
Inona no anton'izany hoy ianao?
Tena zava-misy fa tsy mba kilalao
Mahavelona tsara ny mpianakavy
Fa raha mihinana azy dia ho bolangina sy hatavy
Ny fiompiana trondro sy ny voly vary
Dia tsara hatao fa mifanambina aok'izany
Ary mifanaraka tsara hatrany hatrany
Indrindra, indrindra rehefa avy ao ambilany
Ny voka-bary dia tena mitombo
Rehefa ampiarahana amin'ny fiompiana trondro
Satria ny biby kely mpanimba ny vary
Dia lanin'ny trondro hataony kaly
Tsy hadino ihany koa ny fiompiana an-dobo
Fa amin'ny toeran-kafa io dia miroborobo
Toy ny any amin'ny faritra Mahatsiatra Ambony
Sy ny faritra hafa tsy tanisaina intsony
Izaho Président Rakoto izay manoratra ny tononkalo
Dia tena mazoto satria resilahatra ka mahatsiaro
Fa harena saro-bidy ny fahaiza-miompy trondro
Na ny any an-tanim-bary io na ny any an-dobo
Ankehitriny dia misaotra ny APDRA
Izay manofana sy manampy antsika tantsaha
Ny teknika izay omenareo ny mpiompy
Dia mahatonga hery sy manome toky
Ity fiompiana trondro ity manko ry zareo
Dia mety hatao loharanom-bola rahateo
Ary ny ohabolan-dRazana dia tsara hisainana
Fa ny vola hono no hozatry ny fiainana
Izay aloha no azo am bara ry mpamaky hajaina
Fa raha ny ato am-poko dia maro no tiako tantaraina
Raha sitrapon'ny Tompo dia mbola hihaona atsy ho atsy
Ka amin'izay indray manao ampy ampy
Ny APDRA sy ny Tantsaha toy ny trondro sy ny vary
Na an-tanàna na an-tsaha dia mpi havana hatrany
Fa ny trondro sy vary tokoa mantsy dia mifankatia
Na ao anaty rano fa indrindra an-dovia

**Au moisson du riz, Président Rakotondrabe en train de récolter ses poissons dans l'étang refuge**

## LA PISCICULTURE

Chers éleveurs de Madagascar
Le message que je souhaite partager avec vous
C'est que l'élevage de la carpe en rizière
Est une activité bénéfique et épanouissante
Pour quelle raison me demandes-tu ?
Ce n'est pas mentir que de dire
Que la carpe apporte santé à la famille
Et que sa consommation nous fait grandir
La pisciculture et la riziculture
Il est bien de les réaliser ensemble
Car ce sont des activités parallèles
Dans la rizière comme dans la marmite
Le rendement en riz s'accroit bien
Quand on l'associe à la pisciculture
Car les microfaunes ravageant les plants de riz
Deviendront des aliments pour les poissons
N'oublions pas l'élevage en étang
Qui est bien développé dans d'autres zones
Comme celles de Haute Matsiatra
Et toutes les autres bien entendu
Moi qui suis l'auteur de ces lignes
Je suis bien motivé et convaincu
Que le savoir faire la pisciculture est un trésor
Aussi bien en rizière qu'en étang
Nous vous remercions l'APDRA
Qui nous donnez de la formation
Les techniques que vous nous avez offertes
Ont produit de la force et merci pour votre confiance
Chers amis, la pisciculture
Est aussi une bonne source de revenus
Et comme dit le proverbe
Que l'argent est la solution dans la vie
Chers lecteurs, voilà tous ce que je peux dire
Mais j'ai encore dans mon cœur beaucoup à vous offrir
On se donne rendez-vous la prochaine fois
Et nous aurons déjà fait beaucoup plus que ça
L'APDRA et les paysans sont comme les poissons et le riz
Il sont compères aux villages et dans les parcelles
Car les poissons et le riz sont des alliés
Dans l'eau comme pour l'heure du diner.

# AMORON'I MANIA

*RAKOTOARISOA Armand Roger*
*Ambalasoaray Kianjandrakefina*

**AODY!**

O rey olona ô rey olona !
Ity misy tiako ambara
Zaho tsy hoe te ho mpitantara
Fa vonona mandray anjara

Misy olona mandehandeha
Tsy iza izany fa ingahy Jeannet
Teknisianina ny APDRA
Tena vonona ny hifampitahy

Ao ihany koa ry sefo Patrick
Tena vonona ny manampy antsika
Ampian'I ramose Roger
Ny fahavononany zava-dehibe

Raha misy ny tsy mahalala
Tongava fa tsy hifankahala
Trondro anie ilay mahaliana
Andao ary io no hifanampiana

Na eo aza ilay voly vary
Ekena fa mafy sy mampaharary
Fa ny fiompiana trondro an-tanimbary
Tena tombotsoa be miharihary

Isaorana andry zareo Betafo
Ankasitrahina mitafotafo
Nampitatra ny fiompiana
Izay tena hita fa mahaliana

Raha misy ny fahagagana
Aoka isika tsy ihanahana
Fa izahay vonona ny hifampitana
Koa dien'izao isika dia ilazana
Mba tsy hisin'ny fahatarana

Na eo aza ireo karazana trondro
Samy mandalo habe
toy ny fanondro
Isika tsy miala
amin'ny karpa
Fa io no tian'ny
mpikaroka

**EHO!**

Oyez ! Oyez ! tout le monde
Un message passé à la ronde
Je ne suis pas un narrateur
Mais partisan pour être investigateur

Notre grand bonnet
Qui s'appel Monsieur Jeannet
Technicien du projet
Prêt à développer sans arrêt

Sans oublier le chef magnifique
Toujours prêt pour notre objectif
Avec la collaboration de ce cher Roger
Son ambition est distinguée

S'il y a des étrangers
Ne soyons pas complexés
Car actuellement, le poisson
Mobilise les bailleurs de fonds

Si la riziculture est notre priorité
Et nécessite des techniques peu compliquées
N'oublions pas la rizipisciculture simultanée
Nos bénéfices seront multipliés

Nos remerciements aux pisciculteurs de l'ouest
Qui ont su rester, malgré leurs efforts, très modestes
Pour lancer la filière de la pisciculture
Cette activité qui a de l'envergure

Si des miracles sont arrivés
Ne soyons pas surpris
Car nous sommes prêts à les accueillir
Pourquoi pas, ce serait mieux de leur dire

Extrait d'un suivi alevinage sur Soavina en Amoron'i Mania

Divers types de poisson dans le parc
Mais nos projets c'est la carpe
Avec leur grosseur très bénéfique
Et aimé des chercheurs, car elle est spécifique

## FANATAVIZANA KARPA VITA VARY

*Miankina amin'ny mari-panan'ny rano ny mari-panan'ny vatan'ny trondro. Rehefa miala ny vary ka raha mafana ny fotoana hanaovana ny fanatavizana dia mitombo kokoa ny trondro. Raha mahatratra ny fotoana mangatsiaka ny fanatavizana, izany hoe ny volana may ka hatramin'ny aogositra dia mitombo ihany ny karpa fa miadana. Ireto ary misy torolàlana amin'ny ankapobeny hanampy anao hiompy ny trondro mandritra ireo fotoana roa samy hafa ireo.*




### NY FISAFIDIANANA SY NY FANAJARIANA NY TANIMBARY

***Fisafidianana ny tanimbary***

- *Tokony hanana rano ara-dalàna mandritran'ny fotoana fiompiana*
- *Fidiana ny toerana be tanimanga, tsy mitana rano ny tany fasika*
- *Hialana ny tanimbary mora safodrano*

***Fanatsarana ny fiainan'ny trondro***

◊ **Akarina ny haavon'ny tahala**, *nefa koa* **atevenina** *mba tsy hahavaky azy.*
*Ny tany ao anatin'ny tanimbary ihany no anamafisana sy ampiakarana ny tahalaka. Izany no hatao dia mba ahazoana avy hatrany ny fiherena (na tata-belona) ho an'ny trondro amin'ny sisiny*

◊ **Mandavaka dobo fierena** *amin'ny faritra iva indrindra ao an-tanimbary :*

- *Manome fialokalofana ho an'ny trondro mandritran'ny fiavana sy ny fijinjana.*
- *Ahafahan'ny trondro miriaria tsara raha mbola tsy mandrobona ny vary*
- *Manamora ny fanamborana ny trondro amin'ny fandritana*




- *Rehefa voajinja ny vary dia azo atao ny mampitombo ny ahavon'ny rano anaty tanimbary. Raha avo mantsy ny rano dia:*
- *Tsy dia hisy fiantraikany amin'ny fiainan'ny trondro loatra ny fiovan'ny marimpana eo amin'ny atoandro sy ny alina*
- *ho maro ny sakafo hahavaventy ny trondro*

*Sivanina ny rano eo amin'ny fidirany mba hialana amin'ny fahamaroana tafahoatry ny isan'ny trondro hafa sy ny biby fahavalo:*
*→ Trondro fahavalo toy ny fibata izay hihinana ny trondro ompiana*
*→ Trondro hafa: mampitombo isa ny trondro ao anaty tanimbary ka ny lafy ratsiny dia tsy ho ampy ho an'ireo trondro ompiana ny sakafo ao anaty rano.*

### NY SAKAFO

*• Ny fanamasahana: Manatsara sy manamaro ny sakafo ara-boa-janahary ny potipotin-java-maniry miha-lo ao an-tanimbary, amin'ny alalan'ny zezika sy ny mololo.*
*• Ny sakafo:*
*-mamorona ny nofo na hery fanorenana: taovan-kena, ra-kena, votry, sozà, vovo-trondro*
*-mitondra hery fiasana: vary, katsaka, mangahazo, mangahazo*
*-menaka : tortôm-boanjo, voanjo*
*Ny tena tsara dia omena masaka ny sakafo, totona ary mifangaro ireo sakafo manome hery karazany telo ireo.*
*Ahena amin'ny ampahatelony ny sakafo entina sy ny fanamasahana atao rehefa ririnina.*

## GROSSISSEMENT DE CARPE EN RIZIERE CONTRE SAISON

La température corporelle des poissons dépend de la température de l'eau. Si le grossissement s'effectue pendant la période de contre saison chaude, les poissons ont une meilleure croissance. S'il se poursuit pendant les mois de juin à août, la température est plus froide, alors la croissance des carpes est moins importante, même si elles grossissent tout de même. Voici quelques astuces pour mieux conduire l'élevage au cours de ces deux saisons distinctes.

### CHOISIR ET AMÉNAGER LA PARCELLE

***Choisir la parcelle***

- Choisir une parcelle proche des habitations facile à surveiller
- La parcelle doit avoir un accès à l'eau durant toute la contre saison
- Choisir un emplacement où le sol retient l'eau

***Amenager la parcelle pour ameliorer le confort des poissons***

◊ **Elever la hauteur des diguettes,** pour maintenir dans la parcelle une hauteur d'eau importante mais aussi les élargir pour éviter que celles-ci ne cassent. Les terres issues du creusement de l'étang refuge peuvent servir à fortifier la diguette.

- Le riz ayant été récolté, il est possible d'augmenter la hauteur d'eau dans la parcelle. C'est le moment également de curer l'étang refuge.

Si la hauteur d'eau est importante :

- Les variations de températures entre la journée et la nuit seront plus faibles
- La nourriture naturelle aura plus de place pour se développer, et sera donc plus disponible.
- Filtrer l'eau en entrée de parcelle pour éviter la prolifération d'autres poissons : cette situation augmente la densité des poissons dans la parcelle. Le risque est que la nourriture disponible ne soit plus suffisante pour les poissons élevés si les autres poissons prolifèrent (tilapia).

◊ Aménager le canal refuge dans la partie basse de la rizière pour :

- La refuge des poissons
- Plus d'espace vitale aux poissons
- Faciliter leur récolte
- Les préserver d'une éventuelle baisse du niveau d'eau

### LA NOURRITURE

- Fertilisants:

Les débris des matières organiques dans la parcelle améliorent l'alimentation naturelle (fumier et paille). Favoriser la disponibilité en nourriture naturelle.

- Aliments:

- protéine : abats, termites, soja, farine de poisson...
- glucide : riz, maïs, manioc, patate
- lipide : tourteaux d'arachide).

Les aliments sont donnés cuits, pétris et les trois types sont dans l'idéal mélangés.
En période froide, réduire d'un tiers les apports de fertilisants et d'aliments.